



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitievana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-79

FANDINIHANA NY TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-02-2019/PL° "RELATIVE AUX PROFESSIONS ET ACTIVITES DU CINEMA", ATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA JOHASY RAHARISOA ELÉONORE, VOAFIDY TAO VANGAINDRANO.

Fivoriana faha-25
Natao ny
Talata 30 Jona 2020
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: -Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré
-Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

FOTOANA: Talata 30 Jona 2020 tamin'ny 6 ora sy 5 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana ny Tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL° «relative aux professions et activités du cinéma», atolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore, voafidy tao Vangaindrano.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory ary ny vahiny, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana ho fanamarinam-pahatongavana.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, no nanatontosa izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny votoatin'ny fivoriana etsy ambony, Ramatoa Filoha ary niroso avy hatrany tamin'ny fandaharam-potoana ny mpivory.

Niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Andriamatoa CHRISTOPHE Tsiliva Diddiot no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Talata faha-23 Jona 2020 tamin'ny 9 ora sy 30 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zavakanto sy ny Vaomieran'ny Asa sy ny Lalàna Sosialy nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL «relative aux professions et activités du cinéma» atolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore.

Andriamatoa RAMILISON Ange Richard, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Kolotsaina, ny Vakoka ary ny Fampiroboroboana ny Zava-kanto no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany;

1 RAMILISON Ange Richard

2 ANDRIANAMBININA Djohary Lee

3 EDIZARD

4 JOHASY RAHARISOA Eléonore

5 RABENIRINA Jean Jacques

6 RAKOTONDRASOA Fetra

Ireto avy ireo teknisiana nislotena ny Governemanta;

| | |
|-----------------------------------|---------------|
| 1.RALAIMAZAVA Johary Andriamahery | SG-MCC |
| 2.ANDRIATSEHENO José Dominique | CT.MCC |
| 3.RAKOTONDRATAFIKA Henintsoa | DAJ-MCC |
| 4.RATSISETRAINA Dina Valisoa | D.ISSM/MCC |
| 5.RAZAFIARISON Francis | MCC/DG CULT |
| 6.RAZAFIMANANTSOA Jerson | DGTLS/MTEFPLS |

Ireto avy ireo teknisiana amin'ny sehatra tsy miankina tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany,

| | |
|------------------------------|--------------------------------|
| 1.HARIJAONA Arija L. | APFM |
| 2.HERIMANANTSOA Mahefa Serge | Secteur Privé Président AMUPRO |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, nomeny avy hatrany an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ny fitenenana mba hanazavany ny mikasika ny Tolo-dalàna izay natolony.

Nambaran-dRamatoa Solombavambahoaka fa mba ho fanajana ny fenitra amin'ny maha tany tan-dalàna an'i Madagasikara no nanolorana ny Tolo-dalàna. Ny zavatra kendrena, mba hisian'ny fitsipika mazava mifehy ny tontolon'ny asa sy fandraharahana eo amin'ny sehatry ny sarimihetsika.

Taorian'ny fanafoanan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika tamin'ny alalan'ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 ny lalàna laharana faha-2017-011 mikasika ny politikam-pirenena momba ny sarimihetsika dia misy fahabangana ny amin'ny lalàna mifehy io seham-pihariana io amin'izao fotoana izao.

Io Hitsivolana io ihany anefa no milaza ao amin'ny andininy faharoa fa tokony hisy rijan-teny na «texte» vaovao hifehy io sehatr'asa io.

Etsy andaniny, raha nankatoa ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 izay mikasika ny fanafoanana ny lalàna laharana faha-2017-011 ny teo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia nametraka mazava izy ireo fa tokony hisy lalàna vaovao hovolavolaina hifehy io sehatry ny sarimihetsika io ary tokony hatao ao anatin'ny fotoana fohy. Amin'ny maha mpanao lalàna ny Solombavambahoaka no nahatonga ny fanolorana ity Tolo-dalàna ity. Ny antony, mivoatra ny tontolon'ny sarimihetsika eto anivon'ny firenena ary ao anatin'izany no ahiana hisian'ny baranahiny raha tsy misy ny lalàna mifehy azy io.

Tsara ny manamarika fa niarahana namolavola tamin'ireo sehatra voakasik'io seham-pihariana io talohan'ny nanolorana azy teto amin'ny Antenimierampirenena.

Mametraka ireo foto-kevitra ankapobeny momba ny fandaminana sy fampanandananana ny sehatry ny sarimihetsika araky ny voafaritry ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-95 tsipika 2 sy 5 ity Tolo-dalàna ity. Ilaina arak'izany ity Tolo-dalàna ity mba hoentina hampiroborobo ny seham-pihariana eo amin'ny sarimihetsika, mba hiteraka famoronana asa maro sy hanandratana ny talentan'ny Malagasy sy ny kolotsaina izay ananany.

Anjaran'ny eto amin'ny asam-baomiera anefa no manao fanitsiana sy ny fanatsarana eo amin'izay heverina fa hahatomombana ity Tolo-dalàna ity. Etsy andaniny, tsapa sy hita ihany koa fa be ireo olona mpiasan'ny OMACI very asa vokatry ny fanafoanana izany.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ireo teknisiana avy amin'ny Minisitara mba hitondran'izy ireo ny heviny mikasika ny Tolo-dalàna ity.

Nilaza izy ireo fa efa fanindroany no niverenana nodiniana teo amin'ny asam-baomiera ity Tolo-dalàna ity. Tamin'izany no nangatahana ny hanemorana ny fandiniana ny Tolo-dalàna, fa hezahina ny hampidirana azy any anatin'ny politikam-pirenenan'ny kolotsaina.

Efa nisy volavolan-dalàna nanafoanana ny OMACI. Teo ihany koa ny Didim-panjakana laharana faha-2019-2210 nametraka ny solony izay antsoina hoe Ivontoeran'ny Sarimihetsika sy Sarimiaina Malagasy na ISSM.

Teo anelanelan'izay, nisy atrik'asa ho famolavolana ny politikam-pirenena momba ny kolotsaina izay niantsoana ny mpiara-miombon'antoka sy ireo rehetra izay noheverina fa voakasiky ny resaka kolotsaina. Saika tamin'ny faramparan'ny volana Martsa 2020 no tokony hanaovana ny fandravonana ny fehin-kevitra farany avy amin'ny mpisehatra rehetra, fa noho ny hamehana ara-pahasalamana dia voatery nihantona ny fametrahana ity politikam-pirenena momba ny kolotsaina ity. Efa natao ireo ezaka fakan-kevitra an'ireo mpisehatra rehetra teo amin'ny lafiny kolotsaina amin'ny ankapobeny ary vonona ny avy ao amin'ny Minisitara ny amin'ny volavolan-dalàna mikasika politikam-pirenenan'ny kolotsaina, fa mbola miandry ny fankatoavan'ny olona rehetra izay nanome hevitra ary tsy maintsy hampandalovina eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitara sy ny Governemanta ny volavolan-dalàna mikasika izany alohan'ny hametrahana azy etỳ amin'ny Antenimierampirenena.

Misy andininy ao aminin'ny volavolan-dalàna izay omanin'ny Mpanatanteraka mikasika ny politikam-pirenenan'ny Kolotsaina miresaka ny sarimiaina, ny haino aman-jery ka azo eritreretina tsara ny mampiditra ny voalazan'ity Tolo-dalàna ity ao anatin'ny.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanontaniana sy fanamarihana ary ny tolo-kevitra ny mpivory.

Fanontaniana:

- 1- Inona no sakana tsy itiavan'ny Mpanantateraka ny hirosoana amin'ity Tolo-dalàna ity satria tokony efa hiroso amin'ny fanehoana sosokevitra ny votoatin'ny fivoriana.
- 2- Efa nivoaka tokoa ve ny didin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana manafoana ny OMACI.

Valiny:

- 1- Ny tanjon'ny Minisitara dia ny hametraka fitsipi-pifehezana eo amin'ny tontolon'ny sarimihetsika. Hita tokoa fa ny lalàna laharana faha-2017-011 «portant politique nationale du cinéma et l'image animé», tsy nanaja izany fitsipi-pifehezana izany satria Didim-panjakana no nametrahana ny «établissement public» izay nametraka ny OMACI, fa tsy lalàna. Noho izany, ato anatin'ny fametrahana izany rafitra vaovao izany ankehitriny ny Minisitara.
- 2- Raha ny «considérant» laharana faha-8 ka hatramin'ny faha-10-n'ny Didin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mitondra ny laharana faha-12-HCC/D33 tamin'ny faha-5 Jolay 2019 dia foana ny OMACI.

Taorian'izay dia nitondra fanamarihana sy tolo-kevitra ny mpivory.

Fanamarihana sy tolo-kevitra:

- 1- Ny Minisitara dia mihevitra fa tsy tokony hasiana lalàna manokana hifehy singa iray ao amin'ny kolotsaina amin'ny ankapobeny eto amin'ny firenena ary ity Tolo-dalàna ity dia mamerina ny zavatra efa nolavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ihany.
- 2- Efa hita ao anatin'ny Didim-panjakana ny ankabetsahan'ny voalaza ao anatin'ny Tolo-dalàna raha jerena sy ny Didim-panjakana mametraka ny ISSM izay rafitra nisolo ny OMACI.
- 3- Tsara marihana ihany koa anefa fa ny didin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia tsy miantso amin'ny fametrahana rafitra vaovao, fa rijan-dalàna vaovao. Marihana ihany koa fa tsy manizingizina ny hamerenana ny OMACI ny mpanao Tolo-dalàna.
- 4- Eny fa na efa tamin'ny 7 Oktobra 2019 aza no nanolorana ity Tolo-dalàna ity dia mbola tsy nahazoana fanamarihana avy amin'ny Governemanta izany hatramin'ny 2 Desambra 2019 fotoana tokony ho nandinihana azy voalohany. Izany hoe, mihoatra lavitra ny 30 andro. Raha ny voalazan'ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-86 sy ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ihany koa anefa, voafaritry fa manana 30 andro ny Governemanta handrosoana fanamarihana mikasika ny Tolo-dalàna kanefa rehefa tonga amin'ny fotoana fandaniana dia fitsipahana no nataon'ny Minisitara tamin'izany. Ankehitriny, tsara soritana mazava tsara fa izao fandinihana izao dia tapaka tamin'ny fivoriana ara-potoana faharoa tamin'ny taona 2019, ka tokony ho niomana tamin'izany ny Minisitara.
- 5- Ny voalazan'ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 «portant abrogation totale de la loi n°2017 du 28 Juillet 2017 portant politique nationale du cinéma et de l'image animée», izay noraisin'ny Filohampirenena dia manambara fa ny Minisiteran'ny Kolotsaina sy ny Vakoka no misahana ny andraikitra ny OMACI mandrapisian'ny rijan-teny vaovao misahana izany. Nandray Didim-panjakana araka izany ny Minisitara noentina nananganana ny ISSM na ny «lvontoeran'ny Sarimihetsika sy ny Sarimiaina Malagasy» izany.
- 6- Araka ny naoty hita teo anivon'ny Minisitara, efa tamin'ny volana Aprily no noheverina ny hamolavola lalàna vaovao momba ny sarimihetsika. Mahagaga araka izany no nampisy fanamarihana na fifanatonana rehefa tonga tany aminin'ny Governemanta ny Tolo-dalàna. Heverina fa afaka mifameno ny fomba fijery ary asa azo ifampizarana ny fanaovan-dalàna, ka raha ny politikam-pirenena no irosoan'ny Minisitara dia mandray andraikitra momba ny lalàna mifehy ny sarimihetsika kosa ny Antenimierampirenena, fa ny tombotsoa iraisana no kendrena ho an'ny firenena iaraha-manana.

Efa misy rahateo ny lalàna momba ny politikam-pirenena mikasika ny kolotsaina tamin'ny taona 2005 ary teo ihany koa ny fandaniana ny lalàna mikasika ny herisetra noho ny «genre» na dia mbola eo ampamolavolana aza ny lalàna fenitra momba ny miralenta. Noho izany, tsy misakana ny fametrahana «statut particulier» ny tsy fisian'izany «cadrage général».

- 7- Ny Tolo-dalàna mamorona rafitra vaovao dia miteraka famoronana asa, ka tsara raha apetraka faran'izay haingana araka ny voalazan'ny teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Asa sy ny Fampanana Asa ary ny Lalàna Sosialy. Nanamarika ihany koa izy ireo mikasika ny andininy faha-14 ao amin'ny Tolo-dalàna izay tokony hamaritana mazava tsara ny karama farany ambany ho 200 000 Ariary fa ny karama farany ambony tsy ferana. Momba ny andininy faha-16, tokony hampidirana fepetra miresaka fanambaram-pisokafana na «déclaration d'ouverture» ahafahana manao ny fanaraha-maso.
- 8- Tsara raha miandry ny lalàna hatolotry ny Minisitera izay efa hivoaka atsy ho atsy, ka aorian'izay vao tokony hirosoana ary dinihan'ny roa tonta miaraka ny fandinihana ny Tolo-dalàna.
- 9- Tsara ihany koa ny manamarika fa amin'ny anaran'ny ISSM daholo ny zavatra rehetra mikasika ny OMACI raha ny eo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola no jerena. Efa nisy ny fampiantsoana ny ISSM mba hikitika ny volan'ny OMACI. Noentiny niaraka tamin'izany ny fanapahana nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana sy ny fifanarahana iraisam-pirenenan'ny «ordonnance d'abrogation» nankatoavin'ny Solombavambahoaka mba hanaporofaona fa foana ny OMACI ka nosoloana ny ISSM. Ity farany no «ordonnateur» manao sonia momba ny entana sy ny vola.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory, ka nampiato ny fivoriana noho ireto antony manaraka ireto:

- Ny Minisiteran'ny Kolotsaina sy ny Vakoka dia mihevitra fa tokony handrasana ny famolavolana ny politikam-pirenena vavao mikasika ny kolotsaina satria io no hifehy ny sehatry ny sarimihetsika.
- Ny Solombavambahoaka dia manamafy fa tokony hirosoana ny fandinihana ny Tolo-dalàna, ka hitondrana fanatsarana satria afaka mifameno tsara ireo ary efa nisy fandaniana lalàna manokana mialohan'ny famolavolana ny lalàna ankapobeny tany aloha.

Koa hotohizana eny anivon'ny fivoriambe ny adihevitra sy ny fanapahan-kevitra farany mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-02-2019/PL° “relative aux professions et activités du cinéma” atolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore.

Nifarana tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha dia nilaza fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika izany ny mpivory; avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny mpikambana ao amin'ny Governemanta.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina, no nilazany fa ao amin'ny pejy faha-2, manao hoe: taorian'ny fanafoanan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika tamin'ny alalan'ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 ny lalàna laharana faha-2017-011 mikasika ny politikam-pirenenan'ny sarimihetsika dia misy fahabangana eo amin'ny lalàna mifehy io seham-pihariana io amin'izao fotoana izao. Nahitsy toy izao izany: taorian'ny fanafoanan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika tamin'ny alalan'ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 ny lalàna laharana faha-2017-011 mikasika ny politikam-pirenenan'ny sarimihetsika dia misy fahabangana eo amin'ny lalàna mifehy io seham-pihariana io amin'izao fotoana izao.

Ao amin'ny pejy faha-5, andalana farany; ity farany no "ordonateur" manao sonia momba ny entana sy ny vola; ahitsy toy izao izany: ity farany no "ordonnateur" manao sonia momba ny entana sy ny vola.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha ireo solotena avy ao amin'ny Governemanta indray ny fitenenana.

Nitondra fanitsiana Ramatoa RAKOTONDRAZAFY Lalatiana Andriatongarivo, Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina, ny Fifandraisana amin'ny Andrimpanjakana, taorian'izay ary nilaza fa ao amin'ny pejy faha-4, fanamarihana sy tolo-kevitra faha-5; ny voalazan'ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 "portant abrogation totale de la loi n°2017 du 28 Juillet 2017 portant politique nationale du cinéma et de l'image animée", izay noraisin'ny Filohampirenena dia manambara, fa ny Minisiteran'ny Kolotsaina sy ny Vakoka no misahana ny andraikiry ny OMACI mandrapisian'ny rijan-teny vaovao misahana izany. Nahitsy ho toy izao izany: ny voalazan'ny Hitsivolana laharana faha-2019-008 "portant abrogation totale de la loi n°2017 du 28 Juillet 2017 portant politique nationale du cinéma et de l'image animée", izay noraisin'ny Filohampirenena dia manambara fa ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina no misahana ny andraikiry ny OMACI mandrapisian'ny rijan-teny vaovao misahana izany.

Toy izany koa, ao amin'ny pejy faha-6, tsipika voalohany; Minisiteran'ny Kolotsaina sy ny Vakoka soloina hoe Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina.

Taorian'izay, nomena fitenenana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, tompon'ny Tolodalàna hamelabelatra izany.

Nambarany araka ny tatitra teo, fa naroso teto anivon'ny Antenimierampirenena ity Tolodalàna ity mba hoentina hampandrosoana ny sehatra manodidina ny sarimihetsika. Natao izany mba hametrahana feno ny andraikiry ny Solombavambahoaka eto amin'ny Antenimierampirenena. Manoloana izany anefa, nisy ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny mpiara-miasa eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolotsaina saingy efa nifampidinika mikasika izany.

Nambarany fa hisintona ny Tolo-dalàna ny tenany, ka hiandry ny volavolan-dalàna avy amin'ny Minisitery tomponandraikitra.

Nanolotra ny fisaorana ny Solombavambahoaka izy, tamin'ny fahavononana nasehon'ireto farany hanohanana ity Tolo-dalàna ity.

Nomarihan-dRamatoa Minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina, fa amin'ny anaran'ny tenany sy ny mpiara-miasa rehetra no nandraisany fitenenana, ka nanolorany fisaorana an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore tamin'ny finjavana nananany nanolotra ity Tolo-dalàna sy nanatsoahany izany taorian'ny fifampiresahana izay natao taminy. Natao izany mba hahafahantsika mizotra mankany amin'ny tsaratsara kokoa.

Rehefa izany, nilaza Ramatoa Filoha fa efa nifanaraka Ramatoa Minisitry ny Serasera sy Kolotsaina ary Ramatoa Solombavambahoaka izay nanolotra ity Tolo-dalàna ity, ka tsy misy zavatra holazaina na hanaovana adihevitra intsony mikasika azy ity. Noho izany, fisaorana lehibe no atolotra azy ireo tamin'izay fifanarahana izay satria ainga vao ho an'ny firenena no jerena sy tandrovana hatrany.

Niato tamin'ny 6 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona